
# Safidy ho an'ny mandrakizay, Tapany 1



Ny tanjoko anio alina dia ny hahazoana antoka fa misokatra tsara ny masonareo amin'ilay fahamarinana fa ity fiainana ity tokoa *no* fotoana ahafahanareo manapa-kevitra hoe karazana fiainana toy ny ahoana no tia-*nareo* hiainana mandrakizay. Izao *no* fotoananareo "hiomanana hihaona amin' Andriamanitra." [jereo ny Almà 12:24; 34:32]. . . .

Ny safidy marina rehetra ataonareo eto dia hitondra tombontsoa lehibe amin'izao fotoana izao. Saingy ny safidy tsara eto amin'ny fiainana an-tany dia hitondra tombontsoa mandrakizay tsy azo eritreretina. Raha misafidy ny hanao fanekempihavanana amin' Andriamanitra ianareo ary mahatoky amin'ireo fanekempihavanana ireo, dia manana ny fampanantenana ny amin'ny "voninahitra anampy eo ambony loha[nareo] mandrakizay mandrakizay." [Abrahama 3:26]. . . .

Mazava ho azy fa tsy tian'ny fahavalo hieritreritra ny ampitso ianao, mainka fa ny fiainana mandrakizay. Saingy aoka ianareo mba tsy ho diso hevitra na mba tsy ho badobado mahakasika ireo fahafahana manao zavatra azo araraotinasy ireo olana eto amin'ny fiainana an-tany. Ao anatin'izany toe-tsaina izany ihany, dia mila mahatakatra fahamarinana fototra telo izay hanampy anareo hanomana ny lalanareo any aoriana ianareo: . . .

Voalohany: Fantaro ny fahamarinana momba ny hoe iza ianao. Mino aho fa raha toa ka niresaka mivantana taminao ny Tompo androany alina, ny zavatra voalohany hataony izay ho azonao dia ny hahatakaranao hoe iza marina moa ianao. Ry namako malala, tena zanak' Andriamanitra ara-bakiteny ianareo. Nihira io fahamarinana io ianao hatramin'ny nianaranao ny tonon'ny "Zanaky ny Ray aho" [*Fihirina sy hira ho an'ny ankizy*, lah. 113]. Kanefa, moa ve izany fahamarinana mandrakizay izany miraikitra ao am-ponao? Moa ve namonjy anao io fahamarinana io rehefa tojo fakam-panahy ianao?

Matahotra aho sao henonareo matetika io fahamarinana io ka toa zary lasa teny filamatra kokoa fa tsy fahamarinana avy amin' Andriamanitra. Na izany aza, ny fomba fisainananareo momba ny tena maha-ianareo anareo dia misy fiantraikany amin'ny fanapahan-kevitra rehetra horaisinareo. . . .

. . .*Iza moa ianao?*

Voalohany indrindra sy alohan'ny zavatra rehetra dia zanak' Andriamanitra ianao.

Faharoa, amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana anao dia zanaky ny fanekempihavanana ianao. Ary fahatelo, ianao dia mpanara-dia an'i Jesoa Kristy.

Miangavy anareo aho izao hariva izao mba tsy *hanolo* ireo famantarana telo faratampony sy tsy miova ireo amina zavatra hafa, satria ny fanaovana izany dia mety hanakana ny fandrosoanareo na hanakorontana anareo amina fomba fijery izay mety hanakana ny fivoaranareo mandrakizay. . . .

Misy marika isan-karazany izay mety ho zava-dehibe aminareo, mazava ho azy. Aoka tsy ho diso ny fandraisanareo ny teniko. Tsy milaza aho hoe tsy misy dikany ny fiantsoana sy ny famantarana hafa. Miteny tsotra fotsiny aho fa tsy misy famantarana tokony *hamindra*, na *hanolo*, na *ho lasa laharam-pahamehana mihoatra* noho ireto anarana telo maharitra ireto: "zanak' Andriamanitra," "zanaky ny fanekempihavanana," ary "mpianatr'i Jesoa Kristy."

Ny famantarana rehetra tsy mifanaraka amin'ireo anarana fototra telo ireo dia handiso fanantenana anao amin'ny farany. Ny marika hafa dia handiso fanantenana anao rehefa mandeha ny fotoana satria tsy manana hery hitarika anao mankany amin'ny fiainana mandrakizay ao amin'ny fanjakana selestialin' Andriamanitra izy ireny. . . .

Aza diso hevitra momba izany: Ny hery anaty anananao dia araka an' Andriamanitra. Amin'ny alalan'ny fikatsahanao amim-pahazotoana dia homen' Andriamanitra fahafahana hahita kely an'izay mety hahatongavanao ianao. (Russell M. Nelson, "Safidy ho an'ny mandrakizay" [fampaherezam-panahy maneran-tany ho an'ny tanora tokan-tena sy mpivady vao herotrerony, 15 mey 2022], broadcasts.ChurchofJesusChrist.org)

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_544_handout-1